**Tanora TIM Ambohimanarina** 2

**Manofana maimaimpoana ireo hiditra hiasa amin'ny Call Center**

**Anjerimanontolo** 2

**Mitohy ny Oniversite sy ny foibem-pikarohana « maty »**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 24 may 2022 Laharana 1301 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Andohanan'Analakely-Ambohijatovo** 3

**Tsy milamina ny fifamoivoizana, tamin'ny 7 ora maraina dia efa nanomboka ny fitohanana**

**Fameloma-maso ny antoko TIM** 2

# Tsy azo leferina intsony ny mahazo ny vahoaka hoy Ravalo



**Eliana Bezaza sy fanaovana Kianja Mitafo** 2

# Mihantsy ady amin'ny vahoakan'i Mahajanga ny fitondrana




**TIM Frantsa** 3

# Miasa hampandresy ny filoha Ravalomanana amin'ny fifidianana




**Betroka faritra Anôsy** 6

# Am-polony ireo omby maty tamin'ny fomba mampiahiahy



**Ny Valosoa sy Hadihady** 3

**Làlana sy lalàna ; fitokanana sy fitokonana**

**Tranombarotra Baolai** 7

**Raikitra ny "vente flash"**

**Daka kely**

Fifamoivoizana eto amin'ny ville, io indray ny kitoatoan'ny lisany mianakavy ry Boaikely a !

FAMELOMA-MASO NY ANTOKO TIM

# Tsy azo leferina intsony ny mahazo ny vahoaka hoy Ravalo

Anjaran'ny Boriboritany voalohany, eto Antananarivo Renivohitra, izay sady misy ny toeram-ponenan'ny filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana indray, no nanatanteraka ny famelomamaso, na redynamisation ny antoko tamin'ny sabotsy 21 mey lasa teo, niarahana tamin'ny birao politika. "Tsy azo leferina intsony ny zavatra mahazo ny vahoaka Malagasy, izay latsaka anatin'ny hantsana mangitsokitsoky ny fahoriana ankehitriny. Mitaraina sy mitalaho mafy. Tsy rariny intsony izao fiainana misy eto Madagasikara izao", hoy ny filoha Marc Ravalomanana, nandritra izany, izay notanterahana tetsy amin'ny Live Hotel Andavamamba. Notanisainy ireo loza izay anisan'ny mampikaikaika ny vahoaka: tsy amboarina ny lalana, tsy ariana ny fako, miaina amin'ny rano maloto, miaina amin'ny jiro maty lava, ny hetraketraky ny sasany. Nambarany koa, fa nodradradradraina ho ren'ireo vahiny toy ny Vondrona Eorôpeanina sy ny Amerikanina, ny fanitsakitsahan'izao fitondrana Rajoelina izao ny Lalampanorenena, ka nahitàna ny fametrapetrahana fotsiny izany "gouverneur" izany. Mody nolazaina fa "provisoire" kanefa avy eo tsy "provisoire". Tsy najain'ny fitondrana toy ny anak'andriamaso ny fianianana nataony. Nampahatsiahiviny, fa nanaiky ny fanapahankevitra nataon'ny HCC izy tamin'ny taona 2019 mba hanajana ny filamianana teto amin'ny firenena tamin'izany fotoana izany, saingy misy fetrany ny fandeferana ary efa tapitra ilay fetra. "Afaka adidy amin'ny fatana isika", hoy izy.



Ny fameloma-maso ny antoko TIM, tetsy amin'ny Live Hotel Andavamamba.

Nanome toky izy, fa tsy hamela ny vahoaka ho fadiranovana intsony ary miantso azy ireo ho sahy, hijoro ary hiray hina. Ary dieny izao dia efa ampandrenesina izay olona miomankomanana hangalatra sy hametsifetsy ary hamitapitaka eo, fa ho takiana ny marina sy ny mangarahara. Nanotrona izao famelomamaso ny antoko TIM tetsy Andavamamba izao, ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany voalohany Me Hanitra Razafimanantsoa, ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona, ny birao politika nasiônalin'ny antoko, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasiônalin'ny antoko TIM, Jean Claude Rakotonirina.

**Isambilo**

Eliana Bezaza sy fanaovana Kianja Mitafo

# Mihantsy ady amin'ny vahoakan'i Mahajanga ny fitondrana

Manoloana ny fikasan'ny fitondrana hanatanteraka ny fanamboarana ny kianja mitafo vaovao any Mahajanga faritra Boeny, naneho hevitra mahakasika izany ny sekretera nasiônalin'ny antoko PSD (Parti Social Democrate), Eliana Bezaza. Tsy ny fanaovana io kianja mitafo hahazaka olona 4000 io no olana, hoy i Eliana Bezaza, fa ny fomba hanatanterahana izany. Tokony tsy narodana ny kianja mitafo teo teo aloha hoy izy, fa tokony nanangana kianja mitafo vaovao tany amin'ny toeran-kafa ny fitondrana. Hafa ny manana 2 noho ny 1, hoy ity mpanao politika ity. Notsiahiviny fa 3 volana no nolazain'ny filoha Andry Rajoelina fa hanangana io kianja mitafo io, nefa hatramin'izao efa 3



Eliana Bezaza, avy amin'ny antoko PSD.

taona aty aoriana mbola tsy vita izany. Tsy ekena hoy izy ny hanapenana lalana, mba hanaovana ity foto-drafitrasa ara-panatanjahantena ity, lalana izay be mpampiasa ao an-drenivohitry ny faritra Boeny. Toy izany koa ny nakana ny ampahany amin'ny kianja Rabemananjara, ka nanjary tsy maha-kianja iraisam-pirenena intsony izany kianja izany. Ny kianjana tennis namboarina manakaiky izany faritra iznay koa dia nolazainy fa tsy manarapenitra. Tsy tombontsoan'i Mahajanga ny fanaovana io foto-drafitrasa io, hoy ihany i Eliana Bezaza, fa resaka fahazoana tsenambaro-panjakana sy bizina fotsiny. Nosoritany ihany koa, fa tokony ho nisy ny fifampidinihana tamin'ny tompon'andraikitra ara-panatanjahantena, ny ray aman-dreny, ny tompon' andraikitra samihafa tany an-toerana, mialoha ny nandraisana fanapahankevitra ny amin'ny hanaovana izany foto-drafitrasa izany, sy ny fanapenana lalana amin'io toerana io. Ny nisy hoy izy, amboletra fotsiny no nataon'ny fitondrana Rajoelina. Tery ny toerana hanaovana io kianja mitafo io, tsy nahay nandrefy ireo tompon'andraikitra mikasa hanao izany, soso-kevitra hoy izy ny hamerenana ny fanaovana ny kianja mitafo efa teo, ary ny hanaovana ny kianja mitafo vaovao any amin'ny toeran-kafa malalaka, toy ny any Boanamary ohatra.

**Stefa**

Anjerimanontolo


# Mitohy ny Oniversite sy ny foibem-pikarohana « maty »

Mbola tsy mivaly hatramin'izao ny fangatahan' ireo mpampianatra mpikaroka, sy mpikaroka mpampianatra eny amin' ny Anjerimanontolo, mivondrona ao amin'ny Seces, na ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka eto Madagasikara. Noho izay antony izay, mbola mitohy ny fanakatonana ny eny amin'ny ambaratonga ambony ataon'izy ireo, antsoina hoe: "Oniversite sy foibem-pikarohana maty", na "Universites et CNRs morts". Nitohy omaly alatsinainy sy anio talata izany tsy fisokafan'ny Oniversite izany, satria mbola tsy mivaly ny fanomezana fizakantenan'ny Oniversite, ny fandoavana ireo tambin-karama sy karama ho an'ny mpampianatra sy ny mpandraharaha eny amin'ny ambaratonga ambony,... Momba ity raharaha ity, ny mpianatra no tena mizaka ny tsy eran'ny ainy, amin'izao olana eny amin'ny ambaratonga ambony izao.

**Stefa**




# NY TENY FIAINANA




*Raha misy lehilahy vao nampaka-bady, dia tsy handeha hiantafika izy, ary tsy hampanaovina fanompoana akory, fa havela hitoetra ao an-tranony herintaona ka hampifaly ny vadiny izay vao nampakariny.*

***Deoteronomia 24: 5***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fiainam-pirenena

# Mijaly ny vahoaka Malagasy, maso hafa anefa no ijeren'ny mpitondra

Mitombo hatrany ny fahasahiranana mahazo ny Malagasy noho ny tsy fahaiza-mitantana ny firenena ankehitriny. Mikorontana etsy sy eroa, grevy fitakiana ny zo sy ny karama isan-karazany mbola mitohy hatrany tsy misy fiafarany. Ny vidimpiainana efa mila tsy ho zakan'ny ankamaroan'ny Malagasy. Tsy hita intsony izany hoe: mihinana sakafo intelo isan'andro izany, fa zara raha mahita ny hatokona. Latsaka ao anaty fahasahiranana mangitsokitsoka ny Malagasy ankehitriny. Etsy andaniny anefa ny fitondràna tarihan'ny filoha Andry Rajoelina dia mizahozaho amin'ny toerana izay alehany fa tsy misy toa azy ary ny zavatra tsy vitan'ireo mpitondra nifandimby tao anatin'ny 60 taona no ataony ankehitriny. Maso hafa no ijeren'ny mpitondra ny vahoaka Malagasy, ka tsy fantany ny fahoriana mihàtra amin'izy ireo. Misy mba mahatsapa ihany ireo mpitondra sasany milaza fa ny aretina coronavirus sy ny ady any Ukraine no ialàn'izy ireo bala. Tratra daholo anie ny firenena eran'izao tontolo izao, fa tsy i Madagasikara irery e! izay ilay hoe raha tena mpitondra matsilo sy mahay dia mila mitsinjo ny ho avy. Ny vinan'izy ireo aza miovaova, tsy fantatra intsony hoe: inona: IEM ve sa, PEM sa, Plan Marshall sa inona?... Ny hita aloha amin'izao fotoana, mihinana ny iem ny ankamaroan'ny Malagasy!

**Helisoa**

Tanora TIM Ambohimanarina

# Manofana maimaimpoana ireo hiditra hiasa amin'ny Call Center



Lalaina Rabezanahary, avy amin'ny Tanora TIM Ambohimanarina.

Maro amin'izao fotoana ireo asa sosialy karakarain 'ny Tanora TIM Ambohimanarina, ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra, izay tarihan'ny filohany Lalaina Rabezanahary : eo ny fanofanana arak'asa maimaimpoana momban'ny "Call Center", vita ny fiofanana dia ampidirina miasa eny anivon' ireny orinasa ireny ireo tanora vita sivana, maro ireo orinasa miara-miasa, ka izay no ahafahana mampiditra ireo tanora miasa avy hatrany. Ireo tanora eny Ambohimanarina ihany aloha no hisitraka an'izay ary tsy mifidy na avy aiza na avy aiza, fa hisitraka izany avokoa. Mitohy koa ny fampianarana maimaimpoana ho an'ny fampianarana Informatique sy Langue Angalaise, na fiteny anglisy, izay efa herintaona, no nanaovana azy. Amin'ny farany volana Jona dia hanomboka indray koa ny Cours Faradoboka ho an'ny mpanala fanadinana BACC, izay fanaony efa nandritra ny 4 taona. Mila tanora tompon'andraikitra, vonona hanova rasa eo amin'ny sehatra ara-politika; tsy voatery hoe : manana andraikitra na toerana ambony vao afaka hanasoa ny mpiara-belona", hoy ihany Lalaina Rabezanahary. 50 eo ireo andiany voalohany amin'io fampiofanana Call Center, hataon'ny Tanora TIM Ambohimanarina io.

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Làlana sy lalàna ; fitokanana sy fitokonana

Manakoako manerana ny Nosy, eny fa na tany ivelany tany aza tato ho ato, araka ny hitan'ny fikambanambe Eôrôpena ireny hoe: làlana sy lalàna, fitokanana sy fitokonana, izay maneho ny tsy fahaiza-mitantana ataon-dRajoelina sy ny ekipany, hoy ireo olona maro sendra ny gazety, satria ny fitokanana foana no mahamaika sy deraderain'izy ireo, fa ilay fahasahirana mahazo ny mahantra ety ambany tsy hitan'izy ireo, izy ireo ao ambony tsara toerana nefa tsy ampy fahazara-miaina, tsy mahatsapa fiainan-tsarotra, tsy ampy fandalinana ity firenena mahantra ity.

Làlana nanaovana fanamby toy ny RN 13, no atao antsoantso amin'ny kabary izay tanterahina, nefa ny làlana eto an-drenivohitra mikorontana tsy mifanaraka amin'ny mety sy sahaza, fa dia ataotao fotsiny eny hatrany, ka mahatonga ireo mpamily hilaza hoe: eny ambony birao ry zalahy no mandrafitra izay tiany, fa tsy mitondra fiara mifamezivezy toy ny rehetra dia milaza fa ara-dalàna. Ny lalàna indray dia petatoko avokoa hoy ireo be antitra efa mpisotro ronono sendra anay, satria ny vita ny tsy rariny taona 2009, dia fifidianana tsy ara-drariny no natao taona 2010, ka na karinem-pokontany aza dia nety tamin'izany fotoana, nandaniana ilay lalàmpanorenana tsy rariny, ahitana lalàm-pifidiana tsy marim-pototra, governora sadasada, CENI manala baraka amin'ny hala-bato sy ny sisa… Entina handrafetana fotsiny ihany ny isa 13, toy ny laharana tamin'ny fifidianana ho filoham-pirenena, ny velirano 13, ny làlam-pirenena 13, ary indrindra koa izay 13 taona tsy rariny izay. Maika ilay Filoha Boaikely amin'ny fitokanana nefa ireo fitokonana etsy sy eroa tsy tazany akory, na tsy raharahiany. Tsy mpianatra teny amin'ny Anjerimanontolo izy, ka tsy mahatsapa ny zava-manjo ireo mpianatra, hoy ireo mpampianatra, mpiasan'ny Oniversite, mpianatra, sy ireo mpitsabo mpanampy ary koa ireo mpiasam-panjakana maro efa tsy hay afenina amin' ny rehetra, nefa dia hodian-tsy hita avokoa. Ireny fitokanana ireny ve maha-sarona izao laharana maha-menatra eran-tany misy antsika izao? Faha-5 any amin'ny gisitra, nefa dia anaovana fandaniam-bolabe isaky ny fitokanana izay atao, izay mazava fa fitadiavam-boninahitra ho an'ny filoha sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy fotsiny ihany, nefa tsy mahalala izay laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka tantaniny.

Aiza ilay hoe: manara-penitra raha io lohateny io fotsiny no fintinina, lalàna sy làlana efa ambony ambany, fitokonana sy fitokanana efa mankadilo sofina, tsy tambo isaina intsony. Tsy voavahan-dRajoelina sy ny forongony aloha hatreto.

**Beharo**

TIM FRANTSA

# Miasa hampandresy ny filoha Ravalomanana amin'ny fifidianana




*Ireo anisan'ny nandray anjara tamin'ny TIM Talk, natao tany Paris ny sabotsy teo.*

Nanatanteraka famelabelarana arahina ady hevitra tany Paris Frantsa, nantsoina hoe: Tim Talk, ny sabotsy teo ny antoko Tiako i Madagasikara any Frantsa, na TIM Frantsa. Nanehoan'izy ireo ny fahitany ny raharaham-pirenena eto amintsika amin' izao fotoana, izay tsy mandeha amin'ny laoniny. Na any an-tany lavitra any aza izy ireo dia mahita sy mahatsapa ny fahasahiranana iainan'ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy ankehitriny, noho ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina: tsy mijery izay tena mahasoa ny vahoaka, fa variana amin'ny rendrarendra sy rentirenty tsy mitondra soa ho an'ny sarambabem-bahoaka. Anisan'ny nisongadina tamin'ny fandraisam-pitenenan'ireo mpandray anjara, izay nahitana ny TIM Frantsa, ny Vehivavy TIM Frantsa, ny Tanora TIM Frantsa, fa miasa ireo rantsana samihafa ireo, hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy hatao eto Madagasikara. Mbola manentana koa izy ireo, ireo diaspora any amin'ny toeran-kafa, hanatevina azy ireo amin' izany asa masina ho fanavotam-pirenena izany.

**Isambilo**

Ministeran'ny raharaham-bahiny

# Misy ireo fepetra maromaro ho an'ireo Malagasy hiasa any an-dafy

Misy ny fanambarana avy amin'ny ministeran'ny raharaham-bahiny, ho an' ireo Malagasy hiasa amin' ny sehatra samy hafa any ivelany:

Ho fandrindrana ny fivezivezen'ireo mpila ravin'ahitra any ivelany: mpiasa manana andraikitra ambony, mpiasa tsotra, mpiasa an-trano, tanora tovovavy mpanampy, sy ireo mpiasa mpifindra monina mikasa handao ny tanin'ny Malagasy,

Ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny dia mampahafantatra ny besinimaro ny tsy maintsy hanarahana ireto dingana manaraka ireto :

- Maka ny fahazoan-dalana (visa), nosoniavin'ny tompon'andraikitra avy amin'ny Masoivohon'i Madagasikara any amin'ny tany haleha mialoha ny hanatanterahana ny fifanarahana arak'asa ;
- Mandalo any amin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka hanaovana fanadihadiana momba ny fitondran-tena sy fandinihana ny zava-misy;
- Mampandalo ny fifanarahana momba ny asa any amin'ny Minisiteran' ny Asa, ny Asam-panjakana ary ny Lalàna sôsialy, hahazoana ny fankatoavana izany ;
- Mampandalo ny fifanarahana momba ny asa sy ny tapakilan'ny fiaramanidina, any amin'ny Fitaleavana miahy ny Malagasy am-pielezana ao amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny ;
- Manatanteraka mialoha ny fisoratana anarana kaonsilary any amin'ny Fitaleavana miahy ny Malagasy am-pielezana, ao amin'ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny ;

Ampahatsiahivina etoana fa tsy maintsy vita 15 andro mialohan'ny hiaingana ireo dingana rehetra voalaza ireo. Noraisina izany fepetra izany mba hiarovana azy ireo amin' ny fanondranana olona an-tsokosoko miantraika amin'ny filaminan'ny Firenena, hoy ihany ny fanambarana.

**Nangonin'i Niaina**

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Andohanan'Analakely-Ambohijatovo
## Tsy milamina ny fifamoivoizana, tamin'ny 7 ora maraina dia efa nanomboka ny fitohanana



**Gazety Valosoa Rakoto :** tsy milamina ny fifamoivoizana etsy Ambohidahy, Andohanan'Analakely, Ambohijatovo, tamin'ny 7 ora maraina dia efa nitohana ny fifamoivoizana omaly.

**Ranoux Ramaholy:** rond point miandry teleferika angamba e!

**Fix Ntsoavina:** aleo tazanina e. Toa tsy mahomby ny fandaminan'i Vazahabe sy ny akipany!

**Haja Biomed:** ho averiny amin taloha foana io rehefa mapmé eo!

**Ikala Pakerety :** efa nampoizina io fa aleo andeha e ! Zany ny hevitry ny manam-pahaizana eto amintsika.

**Laurette Ampisafy Mafoaka:** efa omaly alahady anie io no nampiharina e!

**Arphine Rahelisoa Helisoa :** gravy fa amin'ny 7 ora maraina dia ambotaka beeeee! Vao maika manakorontana ilay fandaminan'ny CUA.

**Ernest Rakotovololona :** gravy be e ! alahady avy misy ambotaka.

**Rencho Mihari-ni:** aiza ko alahady vitsy fiara mandeha no anaovana fanandramana avy eo dia lazaina hoe TENA METY. Asa mba manampahaizana sy teknisianina nianatra taiza no manaiky izany?

**Sarah Lina Lucie Lalaoarisoa:** mahareta rahavavy fa mbola ho avy Jesosy hanavaka ny ondry sy ny osy o!

**Patrice Ratsimbason :** tokony nanao modélisation tamin'ny ordinatera !

**Caèl Mbola Randri :** ye efa nataony d asa zay hiseho fa vato mibahan-dalana d gaga enw! TSY HITAKO ALOU ZAY MAHATSAR'AZY FA BE KORONTANA BE TSS !

**Romel Mahafake:** zay vao tena very zahay tambanivolo, tsy hahita ze bi sy bà am ty lalana vaovao ao Antananarivo ty, réf hitondra fiara, ho ataon'ny polisy fialamboly!

**Flavien Rakotonarivo :** mila fahaizana manokana ny gestion flux file d'attente en zone urbaine. Ity vao maika halavaina ny lalana! Tsy milamina e !

**Rinasoa Ratovoarinjaka :** EFE MIREDIREDY SISA RY VAZAHABE SY RY RAJOELINA SY NY FORONGONY.

**Zo Rajaonasimanana :** ry tampom-pahaizana isany !

**Antsa Andrianarilala :** io anie hoa resaka mandany jiro, fa zavatra ts hahava n'inon'ino na e !

## TONONKALO

## Efa feno ireo fepetra

Efa feno ireo fepetra entina mba hilazana
Fa tsy misy fahombiazana ny ao anaty fitondrana.
Telo taona izay no lasa, jiro hatreto tapa-dava.
Tsisy ny fihatsarana fa nidify ny mazava.

Rano koa torak`izany , raha ny antoandro tsy afa-maka,
Fa dia tena sasak`alina , izay vao afaka mantsaka.
Amin`izany indrindra anefa ny halatra no toa mibahana,
Fa mahantra ny vahoaka ka mihabe ny fanendahana !

Efa feno ireo fepetra entina mba hitsarana
Sy hanomezana "aotra roa" ny ao anaty fitondrana.
Raha ny "lainga" kosa anefa dia mampiaiky ny tontolo,
F`amin`izay taranja izay dia azony ny "roapolo".

Ho azy dia ny serasera no amboamboarina ho raitra.
Ny olony ao anefa , indrisy, efa tsy mba mahataitra.
Loza raha hivadibadika , ampangain`ny lela mainy.
(Efa olona lian`ady ka ny mihavana tsy hainy !)

Efa feno ireo fepetra entina hanaporofoana
Fa tsy adala ny vahoaka na koa be fanadinoana.
Tena samy nahatsiaro irony fitaka sy vandy,
Izay natao angoatenda tamin`ny propagandy !

Ka ny fomba tsara indrindra dia izay hoentina hanesorana
Sy hanalana hatramin`ny fakany ireo ekipam-pozaorana.
Tsy amin-kery anefa izany , (miomàna dieny anio) ,
Fa amin`ny tena fifidianana , marina ary koa madio !

**TSIMIMALO (22-05-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Ny famelomamason'ny antoko TIM tao amin'ny Boriboritany voalohany eto Antananarivo Renivohitra, natao tetsy amin'ny Live Hotel Andavamamba ny sabotsy teo. Nanatrika ny fotoana ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasiônalin'ny antoko TIM sy ny RMDM.**

















**BASIKETY BAOLINA N1 A TANY TOAMASINA**

# Nahery ny ekipan'ny Mb2All vehivavy sy Cospn lehilahy

Nifarana tamin'ny alahady 22 mey 2022 tao amin'ny kianja mitafon'i Soavita Toamasina faritra Atsinanana, ireo fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara N1A lahy sy vavy dia ny "Coupe Phase 1 N1 A Dame 2022", sy ny "Coupe Conférence Est N1 A Hommes 2022".
Nibata ny fandresena ka nahazo ny amboara sy ny lelavola 1.100.000 Ar avy, natolotry ny M-Vola ny ekipan'ny Mb2All Analamanga vehivavy sy ny Cospn Analamanga lehilahy.
Ireo filaharan'ireo ekipa 4 voalohany avy :
Sojaky vehivavy
-4ème Place: TAMIFA Amoron'i Mania (400.000 Ar)
-3ème Place: Ankaratra Vakinankaratra (600.000 Ar)
-Vice Championne: COSPN2 Atsinanana nahazo (900.000 Ar)
-Championne: MB2ALL Analamanga (1.100.000 Ar)
Sokajy lehilahy
-4ème Place: AS Fanalamanga Alaotra Mangoro (400.000 Ar).
-3ème Place: COSFA Analamanga (600.000 Ar).
-Vice Champion: ASCUT Atsinanana (900.000 Ar).
-Champion: COSPN Analamanga (1.100.000 Ar).
Notoloran'ny FMBB « Federasiôna Malagasy de Basketball » baolina filalaovana, ny Ligim-paritry ny basiketin'Atsinanana, taorianan'ireo lalao famaranana roa natao tamin'io alahady io.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Cospn lehilahy.*

**Lalao ara-pirahalahiana IO'Renala tany Morondava**

# Nahazo fanazaran-tena tsara ny Barea Beach Soccer

Azo ambara fa nahazo fanazaran-tena tsara ny Barea Beach Soccer, raha niatrika lalao ara-pirahalahiana tany Morondava faritra Menabe, tamin'ny faran'ny herinandro teo (sabotsy 21 sy alahady 22 mey 2022), ka nifanandrina tamin'ireo ekipa voafantin'ny Beach Soccer any Morondava dia ny "Séléction Menabe 1" sy ny "Séléction Menabe 2".
Tamin'ny sabotsy 22 mey 2022 dia nisaraka ady sahala 3-3 ny Barea Beach Soccer sy ny Selection Menabe 1.
Tamin'ny alahady 22 mey kosa ny Barea Beach Soccer nandavo ny ekipan'ny Selection Menabe 2 tamin'ny isa 6 – 3.
Marihina fa nikarakara ny hetsika ny fikambanana IO'Renala, notarihan'ny filohany, sady filohan'ny "Commission Football des jeunes FMF", Raharimino Mario Rosario, izay niara-nisalahy tamin'ny DRGS Morondava teo amin'ny lafiny teknika.
Tonga nanotrona ny lanonana tany Morondava kosa ny mpikambana eo anivon'ny CE- FMF sady "Présidente de la commission Football feminin FMF", Andriatsimialona Sandrine Michella, sy ny "Président de la commission Beach Soccer FMF», Alex Lay Mein.
Ireto avy ireo mpilalao mandrafitra ny Barea Beach Soccer 2022 :Rafalimanana Jhorialy (GK), Ramanantsoa Rolland Honoré (GK), Domoina Mamy Fabrice (Déf), Rakotomalala Oralando (Déf), Fahad Chocry (Déf), Guemy Olivier (Déf), Randriamampandry Toky Francegal (Mil), Fofo Alexandre (Mil), Rakotoson Anderson (Att), Enidiel Régis (Att), Jismin (Att), Randriamifidy Camara (Att), Pako (Att), Razafimahatratra Flavien (Att).

***Rainilita***



*Beach Soccer 2022 tany Morondava.*

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Aly

**Hampandresy ny filoha Marc Ravalomanana ny TIM Frantsa, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eto amintsika. Nanatanteraka TIM Talk, famelabelarana narahana ady hevitra izy ireo, ny faran'ny herinandro teo tany Paris Frantsa.**







**Tsy milamina ny fandaminana fifamoivoizana vaovao, nataon'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) eny Andohan'Analakely sy Ambohijatovo. Vao tamin'ny 7 ora maraina dia efa nitohana ny fifamoivoizana omaly.**





BETROKA FARITRA ANÔSY

# Am-polony ireo omby maty tamin'ny fomba mampiahiahy

Am-polony ireo omby maty tamin'ny fomba mampiahiahy tany amin'ny distrikan'i Betroka faritra Anôsy. Nitrangana fahafatesan' omby 13 indray mandeha tao Aborano, kaominina Beapombo II, disitrikan'i Betroka ny faran'ny herinandro lasa teo iny. Raha ny zava-nisy tamin'ny fotoana io raha tsiahivina dia nividy mangahazo tany amin'ny kaominina Isoanala ilay tompon' omby. Mangahazo izay kasaina hamainina ka novoasana araka izany. Rehefa avy teo dia nomena omby ny hoditr'ireo mangahazo, ka nampiampatra azy ireo. Marihina moa fa tsy vao izao no nampihinana hoditra mangahazo omby ilay olona tompon'omby ireto, fa efa fanaonany hatramin'izay rehefa mamaofy mangahazo, fa tamin'ity indray mitoraka ity dia nampalahelo fa nisy ireo omby maty ireo. Mangataka ny fanaovana fanadihadiana amin'izao tranga izao noho izany ny tompon' ireo omby.

**Stefa**



Ny sasany amin'ireo omby maty tany Betroka.

Miss sy Mister Malagasy any Frantsa

# Mandalo eto Madagasikara i Nosy sy Rody

Eo amin'ny sehatry ny hatsarantarehy sy ny endrika amam-bika, mandalo eto Madagasikara amin'izao fotoana ireo Miss sy Mister Malagasy any Frantsa: Nosy sy i Rody. Tonga eto Madagasikara afak'omaly, tetsy amin' ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato i Nosy sy Rody, Miss sy Mister Malagasy ao Frantsa. Nanainga nianatsimo izy ireo omaly, nihazo an'Ambositra , Fandriana , Ranomafana ary Manakara, ary hizara fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra marefo, hanao asa sôsialy any amin'ireo toerana ireo.

**Niaina**



Nosy sy Rody, Miss sy Mister Malagasy any Frantsa.

Fanatanjahantena sy fizahantany

# Hatao any Antsiranana ny andiany I, amin'ny Festikite Madagascar

Sambany handray hetsika momba ny kitesurf sy ny resaka kite na resaka papango sy fikorisana eny ambony ranomasina miaraka amina karazana papango isika eto Madagasikara. Hatao any Antsiranana amin'ity herinandro ity ny andiany voalohany amin'ny Festikite Madagasikara. Hotanterahina any amin'ny "Baie des Sakalava", disitrikan' Antsiranana faritra Diana ny 26 ka hatramin'ny 28 mey ho avy izao, ny andiany voalohany amin'ny festival "Festikite Madagascar", izay karakarain' ny Mada kite Bros ary hiarahana miasa amin'ny minisiteran'ny Fizahantany amin'ny alalan'ny tetikasa PIC, izay tohanan'ny ONTM na Office national du Tourisme de Madagascar, ara-teknika. Efa eto Madagasikara i Joshua Emmanuel, ilay tompondaka eran-tany amin'ity kitesurf ity, hanatrika sy handray anjara amin' izany. Mahatratra 50 ireo handray anjara amin'ity festival ity, ka hampiavaka azy ny fandraisana anjaran'ny tompondaka maneran-tany amin'ny kitesurf "pro-rider", Joshua Emmanuel voalaza teo io. "Tombony lehibe izany satria hahafahana mampiseho ny hakanton'ny firenena Malagasy amin' ireo mpanaraka azy manerana an'izao tontolo izao, hoy ny mpikarakara. Tanjon'ny hetsika ny hampiroboroboana ny lafiny fizahantany eto Madagasikara, amin'ny alalan'ny fanatanjahantena. Ankoatra izay, kendrena ihany koa ny hampitomboana isa ireo mpizahantany avy any ivelany, sy anatiny ary ny hisarihana ireo mpankafy fanatanjahantena andranomasina.

**Aly**



Ny lalao sady fanatanjahantena kitesurf.

Tournoi Doritos La Relève

# Nosokafa ôfisialy ny andiany faha-2

Nosokafana tamin'ny fomba ôfisialy tamin'ny sabotsy 21 mey 2022 teo, tetsy amin'ny kianja « Stade Annexe de Mahamasina », ny andiany faha-2 amin'ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi Doritos La Relève », natokana ho an'ireo zazalahy 14 sy 15 taona (teraka tamin'ny 1 janoary 2007 ka hatramin'ny 31 desambra 2008), izay ampidirana an'ireo voafantina ho ao amin'ny Académie Elite Barea, izay efa an-dalam-pananganana ankehitriny araka ny feo heno tamin'ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety natao nialohan'io fotoam-panokafana io.

Ray mpiahy an'ity fifaninanana ity hatrany ny mpanazatra ny Barean'i Madagasikara ankehitriny, Nicolas Dupuis. Izy no nandaka ny baolina voalohany tamin'izany lalaom-panokafana izao.

Lalao 4 no nanombohana an'ity fanokafana ny andiany faha-2 ity, izay tsy hifarana raha tsy any amin'ny volana ôktôbra 2022.

Mpilalao mahatratra 1278 isa ao anatin'ny ekipa 71 no miatrika an'ity fifaninanana ity.

Mampiavaka an'ity andiany faha-2 ity ny hanendrena sy hanolorana amboara manokana an'ireo mpilalao mendrika indrindra isaky ny lalao hatao, ny hanendrena an'ireo "homme du match" isaky ny lalao, ny hanendrena ny ekipa "la plus fairplay du tournoi" ary ny hanendrena ny "meilleur coach du tournoi".

Noraisina hanatevin-daharana ny mpiara-miombon'antoka ôfisialy amin'ity « Tournoi » ity, ny Sté Aldis, ny GasyStar TV, izay hampita mivantana an'ireo lalao misongadina rehetra amin'ity fifaninanana ity, ao amin'ny « réseau social Facebook », sy ao amin'ny « Canal Tv-ny ».

Voka-dalao andro voalohany « 2è édition » : (GA)-Ajesaia Itaosy – Fc Tafaray (1-2), (GB)-H+Football – Ankami (3-2), (GC)-67 City Fc – C.F.F.J.A (4-0) (GD)-As Jet Mada - A.V.S.A (1-1).

Ireo daty tsara ho fantatra :

-Alarobia 1 jona 2022 tolakandro : "matchs de poules";
-Alarobia 8 jona 2022 tolakandro : « matchs de poules»,
-Alarobia 15 jona 2022 tolakandro : « matchs de poules»,
-Sabotsy 18 jona 2022 : « matchs de poules »,
-Alarobia 29 jona 2022 : « matchs de poules ».

**Rainilita**

Fifaninanana Asief Analamanga

# Nitohy tamin'ny sabotsy teo ny lalao basikety

Anisan'ireo taranja anaovan'ny Asief Analamanga fifanintsanana, ka nitohy tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny taranja basikety baolina, izay notontosaina toy ny mahazatra etsy amin'ny kianja Toby Ratsimandrava, sy eny amin'ny kianja MINAE Anosy.

Vokatra azo tamin'ny sabotsy 21 mey 2022

Teny amin'ny kianja MINAE : JA- Jirama 39 – 32 CUA, DB-Senat 19 – 30 Jirama, VB-Prima 35 – 36 Ua, VD-Msp 65 – 33 Douane, JC- Ua 33 – 46 Prm, VA-Mesupres 37 - 24 Ist, JB-Men 48 – 42 Justice.

Teny amin'ny kianja Toby Ratsimandrava :

DC-Mjs 42 – 39 MID, JA-Dgi 64 – 57 Dgcf, VD-Gn 57 – 35 Mjs, VC-Meah 38– 59 Mid, JA- Minae 50 – 25 An, JD-Ema 53 - 25 Metfp.

**Rainilita**



Basket-ball Asief 2022.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 2105/2022 hatramin'ny 28/05/2022**

- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/034 30 245 45
- **MIARO** (Galerie Aro Ampefiloha) 020 22 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1301-05-2022
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

# 10 taona ny 22 mey teo ny tambazotra Tafo Mihaavo

10 taona ny 22 mey ny fikambanana miaro ny tontolo iainana Tafo Mihaavo eto amintsika. Ny Tafo Mihaavo dia Tambazotran'ny Fokonolona Mitantana Harena Voajanahary eto Madagasikara. Noho ny resaka fiarovana tontolo iainana izay, misy ny namoy ny ainy, misy ny mbola migadra ny mpikambana ao amin'ity fikambanana ity, noho ny fitiavany ny fiarovana sy ny fitantanana ny harena voajanahary sy ny tontolo iainana eto amintsika. Tany am-piandohana, 482 ny fikambanana izay misy olombelona 925 000 no nanorina ity tambazotra ity, niainga tamin'ny Faritra 17 tamin'izay, amin' izao fotoana izao, fikambanam- pokonolona miisa 685 ary misy olombelona 3 250 000 manerana ny Faritra 23, izay mahatsapa mahazo tombontsoa mivantana avy amin'ny Tafo Mihaavo no mpikambana ao amenity tambazotra ity, fa mbola antapitrisany no tsy mpikambana nefa mahazo tombontsoa ihany koa. Tao anatin'izayy 10 taona izay, tsy vitsy ireo tsindry nahazo ary mbola mitohy, ary maro ihany koa ireo fahombiazana azon'ity vondrom-pikambanana ity, ohatra amin'izany ny nahazoan'ny mpikambana miisa 5 avy amin'ny Tafo Mihaavo ny loka lehibe eran- tany mikasika ny fahaiza- mitantana ny harena Voajanahary ho Lovainjafy, eny ifotony ka misy fiantraikany tsara sy goavana eo amin'ny Fokonolona mpitantana sy ireo mpisehatra rehetra anaty faritra ifampivelomana. Manana ny vina sy tanjona ary ny paikady hanatanterahana izany ny tambazotra ary miaramiasa amin'ny mpisehatra rehetra: Fanjakana, Firaisamonim-pirenena, mpanao gazety , sehatra tsy miankina ary ny mpiara- miombon'antoka ara- bola sy ara-teknika .

*Aly*



*Ny filohan'ny vondrom-pikambanana Tafo Mihaavo.*

Tranombarotra Baolai

# Raikitra ny "vente flash"

Ao anatin' ny fankalazana fety maro ho avy izao, dia tsy vitsy ireo magazay lehibe eto amintsika no manavao ny tolotra omeny. Anisan' izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano ary ao Bazar - be Toamasina, izay ahitana karazana entana premier « choix», azo hatao kadoa tsara amin' ny fetin' ny reny ho avy izao. «Hanatanteraka « vente - flash » izahay mandritra ny 3 andro misesy, ny 26 - 27 - 28 Mey 2022 ho avy izao, amin' ireo Smart tv « Hisense » amin' ny modely 3 karazany ( ny roa led 32" ary ny iray 4K). Ankoatran' izay, dia ho an ' ireo izay manjifa Smart tv « Jeyoo », iray 42" - 75" sy 85" dia hisy ampli - baffle rechargeable homenay maimaimpoana (fahita lavitra fisaka : misy antoka 1 taona daholo) », hoy ny tompon ' andraikitra. Ny antsipirian'izany rehetra izany, dia ho hita ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin'ny laharana 020 22 308 48 sy 020 22 605 88 - 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Ary ho an' ireo izay mividy Smart tv « Hisense » 32" sy 43", hisy ampli - baffle rechargeable ho azony ary ho an' ny 50" kosa dia hahazo smartphone. Ao ihany koa no ahitana réfrigérateur, table de mixage, cuisinière à gaz et électrique, kits solaires complets de marque sunpower : régulateur - batteries et panneaux, amplificateur, machine à laver, climatiseur, synthétiseur, four micro – onde. Ho an'ireo izay manjifa Smart tv izay tafiditra ao anatin' ilay « vente- flash » 3 andro, dia tsy hahazo an' ireo « cadeaux gratuits » satria ny vidin'entana dia efa misy « remise » goavana. Ny Reny no fototra ijoroan' ny tokantrano, rariny loatra raha ho tolorana fanomezana miavaka izy, amin' ny alalan' ny entana tsara kalitao toy ny ao amin' ny Tranombarotra « Baolai », amin' ny fetin' ny reny ho avy izao .

*Aly*





*Entana samy hafa, hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 395**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0394)

***Mitsivalana***
- Batsiray
- Ana – AA
- Kilalao (miv)
- Lioka – Ma
- Hono
- Niaradia
- Ar - Ia (miv)
- Fo

***Mitsangana***
- Baolina
- Anay – Ir
- Taloha
- Akora
- Ialanay
- Ray – Do (miv)
- KM – If
- Vy (miv) – Atao

TENY MIFANAPAKA **N° 395**




**Mitsivalana**

**1.** Filaharana ara-dalàna **2.** Seranam-piaramanidina malaza (miv) – Marika (BR) **3.** Mandra-pihaona **4.** Manina, ranomaso, tomany **5.** Teny mampiato – fonenana (miv) **6.** Nanao heloka – Mpanondro **7.** Alimo sy volafotsy – Mari-bola – Omby **8.** Niray dia **9.** Fafa – Nanadio tamin'ny rano **10.** Foibe fitaizana (miv) – Milaza fananana

**Mitsangana**

**A.** Tranomaizina – Olon-tiana **B.** Solfa (miv) – Renirano – Tsofoka fanitarana **D.** Loaka – Ao @ Baiboly **E.** Ajanonay **F.** Mitady – Rano voajanahary **G.** Hazandrano (miv) – Mpanoritra anarana **H.** Bibilava **I.** Marary saina – Nandray (miv) **J.** Mpanoritra – Toeram-piasana **K.** Amny – Sahala – Mpanondro

### Valiny Teny mifanaraka 0394

**Mitsivalana**

**1**.Fivelomana **2.** Aro - OM **3.** Niakarana **4.** Hanina **5.** Lay - Tanora (miv) . Aroa (miv) - Ondry (miv) **7.** Seranana **8.** Nay (miv) - Nitahy **9.** Dia - Inri **10.** Fy (miv) - Aato (miv) - Fa

**Mitsangana**

**A** Fanalahidy **B.** Iry - Ao - Fia (miv) **D.** Voahirana **E.** Ka - An **F.** Liana - Tina (miv) **G.** Ririnina **H.** Mpanoratra **I.** Nandray **J.** Noa - Hena (miv) **K.** Ma (miv) - Atosika


ZOMA
SABOTSY
NY 27 & 28 MEY
Ho fankalazana ny
Fetin ny Reny
Fanomezana
Akanjo
Voninkazo
Arts Malagasy
Vokatra fikolokoloina
ny tarehy
SAKAFO
Varotra
Fampirantiana
ao @ MAGRO Behoririka
Contact: 034 79 076 00